# Isaky ny mandro amin'ny fahalotoana lehibe ny Mpaminany (S.A.W) dia nanasa ny tànana roa, avy eo nanao ozò tahaky ny ozò amin'ny soalat, avy eo dia nandro

Tatitra azo avy tamin'i Aicha Renin'ny mpino (R.A) niteny izy : Isaky ny mandro amin'ny fahalotoana lehibe ny Mpaminany (S.A.W) dia nanasa ny tànana roa, avy eo nanao ozò tahaky ny ozò amin'ny soalat, avy eo dia nandro, avy eo dia manavasava ny volony tamin'ny tànany, mandra-pahazoany antoka fa tonga any amin'ny fakan'ny volony ny rano ary lena ny hodi-dohany, nandraraka rano in-telo taminy, avy eo nanasa ny vatany iray manontolo, dia hoy izy : Izaho sy ny Irak'Allah (S.A.W) nandro amin'ny koveta iray ary samy nanovo tao izahay roa. .

[Mari-pototra] [Notantarain'i Bokhari]

Rehefa te-handro amin'ny fahalotoana lehibe ny Mpaminany (S.A.W) dia niatomboka tamin'ny fanasana tanany roa. Avy eo dia manao ozò izy toy ny ozò fatao amin'ny soalat, avy eo manondraka rano amin'ny vatany, avy eo manavasava ny volon-dohany mandra-pahazoany antoka fa tonga any amin'ny fakan'ny volo ny rano ary lena ny hodi-dohany, avy eo nandraraka rano tamin'ny lohany in-telo ary nanasa ny sisa tamin'ny vatany. Ary niteny i Aicha (R.A) : Izaho sy ny Irak'Allah (S.A.W) mandro ao anaty koveta iray ary samy manovo rano ao aminy.



النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee